# 103. NY HAZO FIJALIANA

T. Kingo 1634 - 1703 L.M. B. Gesius 1560 - 1613
Nad. I C. Borchgrevink, 1841 - 1919 (eo ho eo)

**Do dia $B_b$** 4/4

: m, | l, : si, | l, : t, | r : d | t, || t, | d : r | m : d | r : t, | d ||
: m, | m, : m, | d, : f, | l, : m, | si, || si, | l, : s, | s, : s, | f, : f, | m, ||
: m, | l, : t, | l, : l, | l, : d | m || m | m : r | d : d | l, : r | d ||
: m, | d, : m, | f, : r, | f, : l, | m, || r | d : t, | d : m, | f, : s, | d, ||
Ny ha- zo fi- ja- li- a- na Tsy mai ntsy ho- tsa- ro- va- na!

: m | r : d | t, : l, | s, : f, | m, || t, | d : r | m : l, | d : t, | l, ||
: s, | s, : s, | f, : f, | s, : r, | t, || m, | m, : l, | l, : l, | l, : si, | l, ||
: d | r : m | r : t, | d : l, | si, || t, | l, : l, | d : f | m : r | d ||
: d | t, : d | r : r, | m, : r, | m, || si, | l, : f, | d, : r, | m, : m, | l, ||
He- no- y ry fa- na- hi- ko, Ny te- nin' ny Mpa· mo- nji- nao.

2. Ny teny voalohany
Mihevitra ny rafiny:
"Mba mamelà ny helony,
Fa jamba ny fanahiny!"

3. Izaho koa, Jeso ô!
Dia jamba sady ratsy fo;
Ka mba jereo sy iantrao,
Fa te-ho tonga olonao.

4. Ilay meloka tanilany
Naniry mba horaisiny,
Nomeny toky tsara io:
"Ho any Paradisa anio"

5. Raha avy ny anjarako,
Ka tapitra ny androko,
Mba raiso aho, Tompo ô,
Ho any paradisanao!

6. Di*a* hitany ny reniny
Tomany teo akaikiny,
Toy ny tsindron-defona
Ka feno fisentoana.

7. Di*a* Jaona no natolony
Ho zanany ho solony.
" Mba raisonao, ry Jaona ô
Ho reninao ny reniko!"

8. Tsarovy aho, Tompo ô!
Rah*a* ao am-pahoriako,
Iraho ny mpianatrao
Hanampy ny mpanomponao!

9. Ny teniny fahaefatra
No tena mampangovitra;
Niantso izy, hoe:"Ry Ray,
Nahoana Aho no afoy?"

10. Izao no di*a* nandaozana
Anao tam-pahoriana:
Hahafaka ny tahotro,
Ra*ha* tonga ny fotoako.

11. Ny otako *i* zay nentiny
Nahory ny fanahiny,
Ka nitarainany hoe:
"Mangetaheta Aho re!"

12. Mangidy, ry Jesosy ô,
Ny loza niaretanao,
Ka aoka mba ho mamiko
Ny avotra, *i* zay vitanao!

13. Hoy iz*y* indray:"Tanteraka!"
He! Teny mahasambatra,
Tanteraka ny asany,
Voavotra ny olony.

14. Ny teny farany indray
Nilaza ny rahatrizay:
"Atolotro ny aiko *i* zao,
Ry Ray, ho eo an-tanananao!"

15. Izany dia mamiko
Hiorin*a* ao anatiko,
Ka teny hotononiko
Eo amim-pah*a* fatesako!